9

# NY FAMADIHANA (1)

## TANJONA

Mahafantatra ny soatoavina ao amin'ny Famadihana.

## VONTOATIM-PAHALALANA

Ny famadihana dia :

- famindrana ny nofo efa maina na ny taolambalo hiala amin'ny toerana vonjimaika nitoerany ho any am-pasan-drazana,
- famonosan-damba ny razana satria tsy tiana hiparitaka ny taolambalon'ireo razana ao am-pasana ao,
- fotoana ifanatrehan'ny taranaka ary ibanjinana ireo loharano nisehoany sady famintranam-pihavanana,
- fomba amam-panao mitahiry fifankatiavana, fifanajana satria heverina fa mbola misy ny fifandraisan'ny velona sy ny maty ary ny fifaneraseran'ny mpihavana izay ela tsy nihaonana,
- tsy misara-mianakavy ny Malagasy na velona na maty,
- fanomezana hasina ny razana – finoana ny razana- fanajana ny razana loharano nisehoana.

## Sahanasa 1

Fenoiko ny banga amin'ireto ohabolana sy fomba fiteny ireto :

- "……………………………….maty iray fasana. »

- « Anisan'ny zavatra mafy indrindra amin'ny Malagasy ny hoe : ……………… ………………..……………..……………..………………..»

- « Rehefa misy taranaka manao zavatra heverina fa mamotika ny fiainam-pianakaviana, ny sazy faratampony ampiharina dia ny hoe : ……………………………………… …………………………………………………… »

- « Fomba fiteny matetika ny hoe : ny maty aza mba ……………..………………..……………… ……………………………….. »

- « Fandre matetika amin'ny lanonam-pamadihana ny hoe : ……………..………………..……………… …………………. »

## Sahanasa 2

Misedra ny fahalalana ka manitatra izany amin'ny sehatra hafa.
Sorato anaty lahatsoratra misy fehezanteny dimy ambin'ny folo ny fanazavana ny famadihana izay anisan'ny fomba amam-panao maneho ny soatoavina iombonana eo amin'ny Malagasy.